





Fikambanana tanora sy olom-pirenena maro mikely aina amin’ny fampandraisana andraikitra eo anivon’ ilay ivotoerana atao hoe *« YCC »* na Youth Civic Center no nivondrona ka nanambatra hery nikarakara ilay fampisehoana mivelatra sy fihaonana mitondra ny lohahevitra hoe :
***« Ndao atao mahery ny feon’ny demokrasia »***
natao ny sabotsy 14 Septambra 2013 lasa teo.
Hetsika tafiditra tao anatin’ny fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an’ny demokrasia, nifanakalo hevitra momba ny andraikitra sy ny anjara asan’ny olom-pirenena ao anatin’ny fiaraha-monina iray anjakan’ny demokrasia ny mpandray anjara rehetra.





Niombon-kevitra ny rehetra tamin'izany fa mba hampivelatra ny atao hoe *« demokrasia »* dia tsy maintsy mandray anjara mavitrika amina adihevitra na fanapahan-kevitra iarahana amin'ny rehetra ny olom-pirenena, mampahafantatra ny heviny sy mamoaka izany ho henon'ny rehetra ary koa mampiditra ireo olom-boafidy isan'ambaratonga sy ny mpitarika samihafa hihevitra ny olana ara-politika, ara-toekarena ary ara-tsosialy izay mahakasika mivantana ny fiainany an-davanandro
. *« Rehefa tsy afaka miteny na tsy henoina na ataon'ireo manana fahefana tsinontsinona ny feon'ireo olom-pirenena na ny fomba fijeriny, dia tsy hisy mihitsy ny atao hoe fiarahamonina anjakan'ny demokrasia »*
, hoy ny mpandray anjara iray.






**Ireo tanora nandresy tamin'ilay fifaninana Facebook momban'ny lova navelan'i Dr Martin Luther King, ka notolorana amboara sy loka**

Isan'ireo fikambanana tanora tonga nandray anjara tamin'ity fihaonana sy atrik'asa ity ny *Wake Up Madagascar*
,
*Nova Stella*
,
*Liberty 32*
, Ankiteny, ary ny WYLD na ny
*Women and Youth's Ligue for Democracy*
(Fiaraha-miasan'ny vehivavy sy ny tanora ho an'ny demokrasia). Tonga nandray ny lokany tao amin'ny
*Institut d'Etudes Politiques*
na IEP koa ireo tanora nandresy tamin'ny fifaninana Facebook mikasika ny lova napetrak'i Dr Martin Luther King, Jr. sy ireo fikambanana tanora samihafa. Anisan'ny fomba iray nanangonana ny hevitry ny tanora ny hetsika toy izao, ka hoy ny ohabolana malagasy iray hoe :

***« Atsipy ny tady eny antandroky ny omby, atsipy ny teny ao am-pon'ny mahalala »***
.

**YCC - Sary nampitaina taty aminy www.madagate.com**